ZAVA-MISY TSY ARITRA

Hifangaro ny matin'ny hanohanana sy ny hakarapoky ny covid-19 eny an-dàlana eny

Anisan'ny manahirana ny vahoaka ankehitriny ny manavaka ny olona refona sy fanin'ny hanohanana, ka midaraboka tsy nahy sy ireo efa mitondra ny otrik'aretina covid-19, ka asiany tampoka eny an-dàlana eny. Samy mety hianjera tampotampoka eny rehetra eny na eny an-dàlana eny izy ireo. Sahirana ny vahoaka ankehitriny ary mihena ny vola miditra aminy. Misy ireo very asa ka miantraika mafy any amin'ny sakafo hohaniny isan'andro izany. Misy mihitsy ireo zara fa mihinana indray mandeha isan'andro na tsy mahita hohanina intsony. Eny am-pandehanana mitady izay hanin-kohanina izay no mety hahatonga ny fanina, ka hampianjera azy. Ho an'ny maro rehefa mahita olona toy izany dia ny fihetsiny avy hatrany mihataka aloha ary mandinika tsara ilay niharam-pahavoazana. Toy izay teny amin'ny fairtra sasany teto an-drenivohitra vao tsy ela izany. Efa nisy mihitsy ny olona matin'ny hanohanana vokatry ny fahasahiranany lalina tafahoatra, ka tsy mahazaka izany intsony ny vatany.

Ao anatin'ny fihanaky ny valanaretina coronavirus eto amin'ny firenena izao, indrindra eto Analamanga, dia samy mitandrin-tena fatratra ihany koa ny olona maro amin'ny fifaneraserana eny rehetra eny. Rehefa tena mahery vaika, ka mamely tampoka eny an-dalana eny ity aretina ity, mety hampikarapoka ny voany. Hany ka miahotra fatratra avy hatrany ny olona sendra azy toy izany sao dia hamindra aminy eo. Araka izany, hifangaro ny matin'ny hanohanana sy ny hakarapoky ny covid-19. Zava-misy eo anivom-piarahamonina izany ankehitriny.

Radafy

Vokatry ny Coronavirus

Efa ory manana ny maty mbola lany volabe

Nanaitra ny sain'ny maro ny nandre ny fitarainan' ireo fianakaviana nanamanjo namoy havan-tiana nodimandry vokatry ny valanaretina Covid-19, ka miatrika ny fandevenana. Voalaza fa volabe no takiana amin'izy ireo hatrany amin'ny fandevenana ny razana. Eo aloha ny vidin'ny vatam-paty izay mahatratra 6 hetsy ariary. Manampy izay ny fiara fitaterana ary ny hofan'ny tanim-pasana eny Anjanahary mahatratra 6 alina ariary isam-bolana. Raha atotaly maimaika dia mahatratra hatrany amin'ny manodidina ny iray tapitrisa ariary ny vola lanin'ireo fianakaviana tompo-manjo.

Mavesatra izany fandaniana izany ho an'ny fianakaviana sarambabembahoaka. Iaraha-mahalala ny fahasahiranana sy ny fahantrana mihàtra isan-tokantrano. Mazava loatra fa mety misy tsy hahavita izany velively raha sanatria tratran'izany tranga izany. Tsy maintsy misaina zavatra hafa araka izany ny olona hialàna amin'izany. Efa mana-manjo, ity havana afoy tsy hita hiaretan-tory sy halevina ampasan-drazana mba safidianana akory. Fahoriana lehibe mamely ny vahoaka Malagasy izany amin'izao fotoana izao. Zava-nisy ary mbola hisy. Tsy hita mihitsy mantsy izay vahaolana avy amin'ny fitondrana Rajoelina momba izany. Ny niantohany hatrany dia ireo olo-manana ny hajany sy manana ny toerany eto amin'ny firenena. Ireo vahoaka madinika kosa, tsy azy ny fiantohana izany fa samy manao izay handevenana ny havany. Toe-javatra mampalahelo sy mahasorena amin'ny ataon'ity fitondrana ity izany, fitondrana izay niseho sy nidedaka fa hahavita hiaro ny vahoaka raha vantany vao tafiditra eto io aretimandoza io, ary ity aretina ity tsy mafy noho ny pesta sy kôlera. Iraha-mahita anefa ity ny fahavoazana mafy manjo ny vahoaka Malagasy.

Radafy

Antoko HVM

Mitaky ny hamoahana tsy misy fepetra ny minisitra teo aloha Rolly Mercia

Manoloana ny fampidirana am-ponja vonjimaika an'i Rahajason Harry Laurent, na Rolly Mercia, izay mpikambana ao amin'ny birao politikan'ny HVM (Hery Vaovaon'i Madagasikara) sy ao amin' ny antoko mpanohitra, Minisitry ny serasera sy ny fifandraisana amin'ny andrimpanjakàna teo aloha ary Mpanao gazety, ny Mpikambana manerana ny nosy sy ny birao nasionalin'ny HVM dia maneho etoana ny firaisankina tanteraka aminy sy mankahery ny fianakaviany.

Ny antoko HVM dia nampanaja hatrany ny fitoniana ary nitondra ny anjara birikiny manerana ny faritra ho fiaraha-miady amin'ny valan'aretina Covid 19 ity. Noporofoin'ny antoko izany tamin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny maro an'isa teo anivon'ny Antenimierandoholona.

Ho an'ny antoko dia manakorontana ny sain'ny mpikambana sy ny mpanara-baovao izao tranga misy izao, ka noho izany : mitaky ny famoahana tsy misy fepetra ilay mpikambana ao amin'ny antoko mandram-piandry ny fotoam-pitsaràna azy, mba tsy hampisy savorovoro eto amin'ny firenena, izay mandalo krizy ara-pahasalamàna lalina amin'izao fotoana.

Mametraka hatrany mba tsy ho fanenjehana politika sy ho hery famoretana ny tsy fitovian-kevitra.

Mangataka ny firaisankinan'ny Rodoben'ny Mpanohitra mba hiara- misalahy.

Matoky ny fitsaràna mba hanao ny asany tsy misy teritery ho fitadiavana ny marina, hoy ny fanambrana avy amin'ny birao politikan'ity antoko ity.

Helisoa

Akademia Miaramila

Hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny Fandresena 2020

Eo amin'ny lanonana famoahana ireo nahavita fiofanana ao amin'ny Akademia Miaramila Antsirabe, na ny antsoina hoe : Fandresena, ny Fandresena 2020 dia ahemotra ho amin'ny fotoana tsy mbola voafaritra. Notapahana nandritra ny filankevitry ny minisitra afak'omaly, fa hahemotra ny lanonana ara-miaramila hamoahana ny andiany « Fandresena 2020 », noho ny fahamehana ara-pahasalamana sy noho ny fotoana lalovan'ny firenena ankehitriny. Ny lanonana ara-miaramila toy izao amin'ny ankapobeny dia hatrehan'ireo olo-manakaja ambony eto amin'ny firenena, tarihan'ny filoham-pirenena, izay filoha faratampon'ny Foloalindahy ihany koa. Satria ny lanonana toy izao dia mahavory olona maro hatrany, antony nahatonga izao fanemorana izao.

Isambilo

Lanonam-pandresena tany aloha tany Antsirabe.

Ny Valosoa sy fakafaka

Miantsoa ny hafa rehefa tsy hahavita hitsinjo marina ny vahoaka

Mampanahy lalina ny zava-misy eto amin'ny firenena indrindra eo amin'ny lafiny sosialy amin'izao fotoana izao. Mihitsoka lalina dia lalina ao anaty fahasahiranana ny vahoaka malagasy noho ny tsy fifehezana ny valanaretina covid-19 ity. Potika tanteraka ny lamina ara-piharian'ny mponina an-drenivohitra, na any amin'ny faritra maro samihafa. Tsy milamina koa anefa ary hita ho tsy mahomby ny paikady entin'ny fitondrana mamaha izany olana lehibe mianjady amin'ny vahoaka izany. Miharihary tsara izany ankehitriny amin'ilay antsoin'ny fitondrana ho "vatsy tsinjo". Ny fanapahan-kevitry ny fitondrana dia ny hanome fanampiana ireo olona nanao fitarainana fa tsy nahazo tamin'ny andiany voalohany. Ampahany vitsy monja tamin'ireo marobe nangataka no nisitraka ny fanampiana tamin'ny vola iray hetsy ariary. Tsy nisy antsasany akory ireo olona nahazo fanampiana tamin'ny toerana samihafa efa fotoana elaela ihany izay, ary inoana fa efa ela ihany koa no lany izany fa tsy hahavita volana velively. Fantatra fa maro ihany koa ireo nanao fitarainana fa tsy nahazo nefa tena mila izany fanampiana izany. Rehefa nanapa-kevitra ny hanohy ny fanampiana anefa ny fitondrana dia nilaza fa telo alina ariary ihany no homena ireo nanao fangatahana fa tsy iray hetsy Ariary intsony. Amin'izay indray io tsy lelavola fa ticket no omena entina any amin'ny mpivarotra dia entana mitentim-bidy amin'izany no alaina any. Izany hoe nahena efa ho roa ampahatelony be izao ny vola fanampiana omena ireo olona marobe sahirana amin'izao fotoana izao nefa isika ity miha-miditra hatrany mankany amin'ny fahasahiranana sy fahantrana lalina.

Raha ny tena izy, raha tena mahafehy izao fotoantsarotra iainam-bahoaka izao ny fitondrana Rajoelina, dia tokony hitombo ny vola fanampiana, na farafaharatsiny mitovy amin'ny nomena ireo andiany voalohany no atolotra ireto faharoa taraiky. Raha iray hetsy ariary aza tsy nahavita ny olona andro maromaro akory na am-bolana, mainka fa entana telo alina ariary. Rehefa tsy mangarahara tsy ampahafantarina ny marina amin'ny vola fanampiana azo avy any ivelany sy ny fitantanana azy, dia tsotra ny fahitana ny raharaha: tsy mahavita velively ny fitsinjovana ny vahoaka ao anaty andro sarotra ny fitondrana Rajoelina. Arakaraka ny maha sarotra ny fiainam-bahoaka ve no hampidinana indray ny fanampiana sy ny fitsinjovana azy? Ary io fanampiana io tsy hoe isan-kerinandro akory fa isak'izay fotoana fihibohana na amam-bolana ao anaty hamehana ara-pahasalamana vao mipoitra kely. Aiza ny teny nambara tany am-boalohany fa efa miomana amin'ny hiatrehana ny coronavirus ny fitondrana? Raha izao zava-misy ankehitriny izao, dia tsy niomana izany ny fitondrana. Fihetsiketsahana fotsiny no betsaka fa rehefa tena raikitra tokoa ny tokoa tsy misy afitsoka.

Tena ratsy ny toe-javamisy atrehina sy iainan'ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao. Ny tsiny tsy maintsy omena n'inona n'inona ambara fa tsy mendrika ny vahoaka izao. Raha tsy nisy niteny tany aloha soso-kevitra ny amin'ny hanakatonana mialoha ny sisintany rehetra dia afa-miàla bala ihany ny fitondrana Rajoelina. Fa nisy izany ary tsy nohenoina na kely aza. Vao mainka natao tara ny fanakatonana ny sisintany fa nisy ireo mbola nandrasana avy any ivelany. Dia avy amin'izany rehetra izany indrindra no anton'izao fahoriam-bahoaka izao. Mbola marina hatrany ilay fitenenana "Aleo misoroka toy izay mitsabo", fa iaraha-mahita tsara izao ny hasarotana sy ny lesoka rehetra amin'ny fitsaboana ary ny vokany. Rehefa tsy hahavita koa dia aza miseho matin-kambo ihany, fa miantsoa ny hafa afaka hifanome tànana, fa lasa ilay vahoaka no mizaka tsy fidiny ny vokany.

Sôh'son